Ny irak'I Allah dia manangana ny tànany eo an-tsorony rehefa manokatra ny fivavahana,

Tatitra azo avy amin'i Ibn Omar (R.A) niteny : Ny irak'I Allah dia manangana ny tànany eo an-tsorony rehefa manokatra ny fivavahana, sy rehefa manao Takbir amin'ny fiondrehana, ary rehefa nanandratra ny lohany tamin'ny fiondrehany dia nanandratra azy roa koa; avy eo dia miteny hoe : “Samiallaho Liman Hamida, Rabbana Walakal-hamdo", ary tsy nanao izany izy rehefa niankohoka.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Ny Mpaminany (S.A.W) dia manangana ny tànany amin'ny fotoana telo mandritra ny vavaka, manatrika na mahitsy eo amin'ny soroka, izany hoe : Ny taolana sy ny tratra. Ny fotoana voalohany : Rehefa manomboka ny vavaka amin'ny Takbir fanokafana. Faharoa : Raha miteny “Allaho Akbar” izy rehefa miondrika. Fahatelo : Rehefa manandratra ny lohany avy miondrika ka miteny manao hoe : “Samiallaho Liman Hamida, Rabbana Walakal-hamdo". Fa tsy nanangana ny tànany izy rehefa hiankohoka, na rehefa nitsangana avy niakohoka.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3095